# Sacred Scriptures—the Foundations of Faith

By Elder Quentin L. Cook
*Of the Quorum of the Twelve Apostles*

# Soratra masina, ilay fototry ny finoana

Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

October 2024 general conference

---

*We cannot underestimate the significance of sacred scriptures both in conversions and in remaining faithful in the gospel.*

*Tsy azontsika atao tsinontsinona ny maha zava-dehibe ny soratra masina eo amin'ny fiovam-po sy ny fijanonana ho mahatoky ao amin'ny filazantsara.*

My wife, Mary, and I recently saw a T-shirt with the picture of a book and a message on the front which read, "Books: The Original Handheld Device."

Vao haingana izaho sy i Mary vadiko no nahita T-shirt nisy sarina boky niaraka tamin'ny hafatra teo aminy nivaky hoe: "Boky: ilay maodelina finday nisy voalohany."

I thought about this interesting message and how significant handheld devices of all kinds have become. Upon further contemplation, I realized that any device or even one equipped with artificial intelligence will never be as important or significant as the spiritual guidance that comes from divine revelation.

Nieritreritra momba an'io hafatra mahaliana io sy ny nahatonga an'ireo karazana fitaovana finday ho manan-danja aho. Rehefa nandinika lalindalina kokoa aho dia tsikaritro fa na inona na inona ilay fitaovana, na mety manana ilontsaina artifisialy (intelligence artificielle) aza izany, dia tsy hitovy lanja na ho zava-dehibe kokoa noho ny fitarihana avy amin'ny fanambarana avy any an-danitra.

Whether handheld or digital, the Holy Bible and the Book of Mormon: Another Testament of Jesus Christ provide spiritual guidance and teaching from Jesus Christ, the Savior of the world. We treasure these books for their profound role in documenting God's direction to ancient prophets and people and the guidance they provide for our own personal lives.

Na vimbinina na amin'ny endriny nomerika, Ny Baiboly Masina sy Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy dia manome fitarihana sy fampianarana avy amin'i Jesoa Kristy, ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao. Sarobidy amintsika ireo boky ireo noho ny anjara asa lehibe ananan'izy ireo tamin'ny firaketana ny tari-dalana nomen' Andriamanitra an'ireo mpaminany sy vahoaka fahiny ary ny fitarihana omen'izy ireo ho an'ny fiainantsika manokana.

Combined with the teachings of living prophets, these sacred scriptures provide doctrinal direction for us in today's world. These scriptures are most powerful when they give instruction, correction,comfort, and consolation to individuals and families who seek guidance from the Lord.

Rehefa atambatra amin'ny fampianaran'ny mpaminany velona ireo soratra masina ireo dia manome tari-dalana ho antsika amin'izao tontolo ankehitriny izao. Manan-kery indrindra ireo soratra masina ireo rehefa manome toromarika, fanitsiana,fampiononana, ary fampaherezana ho an'ny isam-batan'olona sy fianakaviana izay mikatsaka fitarihana avy amin'ny Tompo.

The scriptures, combined with spiritual in-

Ny soratra masina, miaraka amin'ny fitao-

spiration from the Holy Spirit, continue to be the primary source that facilitates the conversion of those who have broken hearts and contrite spiritsand desire to follow Jesus Christ. The scriptures help build a foundation that can withstand the adversary's constant efforts to undermine faith.

mam-panahy avy amin'ny Fanahy Masina, dia mitoetra hatrany ho loharanom-pahalalana fototra izay manamora ny fiovam-pon'ireo manana fo torotoro sy fanahy maneninasy maniry ny hanaraka an'i Jesoa Kristy. Manampy amin'ny fanorenana fototra izay mahatosika ireo ezaka tsy tapaka ataon'ny fahavalo mba hanamaivana ny finoana ny soratra masina.

New converts have blessed and been the lifeblood of the Church throughout its history. One example is particularly precious to me. When I was a young bishop, two marvelous sister missionarieswere teaching the William Edward Mussman family. The father, a very capable lawyer, was general counsel of a major corporation. His devoted wife, Janet, was helping the family strive to live a more Christlike life.

Nitahy sy nanome aina ny Fiangonana teo amin'ny tantarany ireo mpikambana vao niova fo. Misy ohatra iray izay sarobidy ho ahy manokana. Fony aho eveka tanora dia nisy rahavavy misiônera mahavariana roanampianatra ny fianakavian'i William Edward Mussman. Ilay raim-pianakaviana, izay mpisolovava manam-pahaizana, dia mpanoro hevitra momba ny lalàna tao amina orinasa lehibe iray. Ny vadiny izay feno fanolorantena, i Janet, dia nanampy kosa ny fianakaviana mba hiezaka hanana fiainana tahaka ny an'ny Kristy kokoa.

Their exceptional son and daughter,both in their early 20s, were also being taught. All four had received the lessons and were attending church. The sister missionaries had emphasized reading the Book of Mormon and praying for a testimony of that sacred scripture. Remarkably, the family prayerfully read the entire Book of Mormon in a short time.

Ny zanak'izy ireo vavy sy lahy izay namiratra tokoa,teo amin'ny faha-20 taonan'izy ireo dia samy nampianarina avokoa. Nandray ireo fampianarana sy nanatrika fotoana tany am-piangonana avokoa izy efatra. Nanantitrantitra ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna sy ny fivavahana mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona momba izany soratra masina izany ireo rahavavy misiônera. Nahagaga tokoa fa namaky ny Bokin'i Môrmôna iray manontolo tanaty fotoana fohy ilay fianakaviana.

The stake missionaries, both of whom were prior ward Relief Society presidents, accompanied them to sacrament meetings.

Niaraka tamin'izy ireo ho any amin'ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo ireo misiôneran'ny Tsatoka, izay samy efa filohan'ny Fikambanana Ifanampiana tamina paroasy teo aloha.

As the family was nearing baptism, they received a barrage of literature critical of the Church. This was before the internet, but the material filled a large cardboard box.

Nony akaiky ny fotoana hanaovana batisa ilay fianakaviana dia naharay lahatsoratra miavoavo mitsikera ny Fiangonana izy ireo. Talohan'ny internet izany, kanefa nameno baoritra iray lehibe ilay izy.

The sister missionaries invited me as a recently called 34-year-old bishop to help answer the questions being raised. When we gathered in their living room, the large box of pamphlets critical of the Church was in the middle of the room. I had prayerfully approached this assignment. During the opening prayer, the Spirit whispered to me, "He already knows it is true." This was important. The sisters believed that the rest of the family already had a testimony. They were unsure about the father.

Nanasa ahy amin'ny maha-eveka vao erotrerony, 34 taona, ireo rahavavy misiônera mba hanampy amin'ny famaliana ireo fanontaniana mipetraka. Rehefa nivory tao amin'ny efitra fandraisam-bahiny izahay dia teo afovoan'ny efitra ilay baoritra lehibe misy ireo kiboky mitsikera ny Fiangonana. Noraisiko niaraka tamin'ny vavaka izany andraikitra izany. Nandritra ny vavaka fanokafana dia nibitsika tamiko ny Fanahy hoe: "Efa fantany fa marina ilay izy". Zava-dehibe izany. Nino ireo rahavavy misiônera fa ny renim-pianakaviana sy ireo zanaka dia efa manana

I immediately informed him that the Spirit had prompted me that he already had a testimony. "Was that true?" He looked at me intently and said that the Spirit had confirmed the truth of the Book of Mormon and the Church to him.

I then asked whether it would be necessary to review the pamphlets, if they already had a spiritual confirmation.

The father replied that it would not be necessary. The rest of the family concurred with his answer.

He said he did have a significant question: One reason they had received so much literature opposing the Church was that they were members of another faith. In addition, he had made a large pledge to help build a new chapel for that faith. He informed me that the sister missionaries had taught him about the importance of tithing, which he gratefully accepted, but he wondered if it would be wrong to also honor the pledge he had previously made. I assured him that payment of the pledge would be both honorable and appropriate.

The Mussmans with their son, daughter-in-law, and daughter.

The entire family was baptized. One year later they were sealed as a family in the Oakland California Temple. I was privileged to be present. The son completed law school, passed the California Bar Exam, and immediately served a faithful mission in Japan. I have watched over the years as the succeeding generations have remained faithful to the gospel. I was privileged to officiate at the sealing of one of the granddaughters.

The conversions that are occurring in our day are equally remarkable. Last June, Coach Andy Reid, head football coach of the Kansas City Chiefs,and I, along with othersrepresenting our faith and other faiths, spoke in a multifaith event at the Riverside Church in New York City. Coach Reid emphasized second chances and responding to invitations and opportunities,which

fijoroana ho vavolombelona. Tsy nanana antoka anefa izy ireo ny amin'ilay raim-pianakaviana.

Nampahafantariko azy avy hatrany fa nibitsika ahy ny Fanahy fa efa nanana fijoroana ho vavolombelona izy. "Marina ve izany?" Nijery ahy tamim-pahamatorana izy ary nilaza fa efa nanamafy taminy ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna sy ny Fiangonana ny Fanahy.

Nanontany aho avy eo raha ilaina ny hiresaka momba ireo bokikely raha toa izy ireo ka efa nahazo fanamafisana ara-panahy ihany.

Namaly ilay raim-pianakaviana fa tsy ilaina izany. Niombon-kevitra tamin'izany ny olona ambiny tao amin'ny fianakaviana.

Nilaza izy fa manana fanontaniana tena lehibe iray: Anisan'ireo antony nahazoan'izy ireo lahatsoratra manohitra ny Fiangonana ny naha-mpikambana azy ireo tany amin'ny finoana hafa. Fanampin'izany, nanao fanoloran-tena ara-bola lehibe izy mba hanampiana amin'ny fanorenana trano fiangonana ho an'io finoana io. Nampahafantariny ahy fa nampianatra azy ny maha zava-dehibe ny fahafolonkarena ireo misiônera, izay nekeny amim-pankasitrahana, saingy nanontany tena izy raha toa ka tsy mety ny fanajany ilay fanoloran-tena ara-bola efa nataony. Nanome toky azy aho fa sady mendri-kaja no mety ny handoavany izany fanoloran-tena ara-bola izany.

Mussman mivady miaraka amin'ny zanany lahy sy ny vinantovaviny ary ny zanany vavy.

Natao batisa ny fianakaviana manontolo. Nofehezina ho fianakaviana tao amin'ny Tempolin'i Oakland Californie izy ireo herintaona taty aoriana. Nanana tombontsoa manokana aho nanatrika izany. Nahavita ny fianarana lalàna ilay zanaka lahy, afaka fanadinana ho mpahay lalàna tao Californie, ary nanompo tamim-pahatokiana tamin'ny fotoana feno avy hatrany tany Japana. Nahita ireo taranaka nifandimby izay nitoetra ho mahatoky tamin'ny filazantsara aho nandritra ny taona maro. Nanana tombontsoa manokana aho nanatanteraka ny famehezana ny iray tamin'ireo zafikely vavy.

Mahatalanjona toy izany koa ireo fiovam-po mitranga amin'izao vaninandrontsika izao. Tamin'ny volana jona lasa teo izaho sy Coach Andy Reid, mpanazatra mpitarika ny ekipa football américain Kansas City Chiefs, niaraka tamin'ny olona hafamisolo tena ny finoanay sy ny finoana hafa, dia nandray fitenenana nandritrana fivoriana hiarahan'ny samy hafa finoana tao

is what the gospel of Jesus Christ is all about. The next morning, with our wives, Tammy Reid and Mary, we attended the sacrament meeting at the Manhattan Second Ward. It was a spiritual service. There were many new converts in the congregation. Five recently baptized members, four men and one young man, were among the Aaronic Priesthood members passing the sacrament. I am happy to report that a similar influx of new members is happening throughout the Church.

amin'ny Riverside Church tao amin'ny tanànan'i New York. Nanantitrantitra mikasika ny fahafahana mamerina indray sy ny fandraisana ireo fanasana sy tranga fanararaotra,izay ifantohan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, i Coach Reid. Nanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo tao amin'ny Paroasy Manhattan Faharoa izahay ny ampitso marainan'iny niaraka tamin'ny vadinay, i Tammy Reid sy Mary. Fivoriana ara-panahy izany. Maro ireo mpikambana vao niova fo mpanatrika. Isan'ireo mpikambana nihazona ny Fisoronana Aharôna nizara ny fanasan'ny Tompo ny mpikambana vao vita batisa miisa dimy, lehilahy efatra ary zatovolahy iray. Mahafaly ahy ny manao tatitra fa misy fitomboana mpikambana vao niova fo toy izany manerana ny Fiangonana.

We are grateful for the noticeable increase in those who respond to sacred invitations, change their lives, and accept the opportunity to follow Jesus Christ. They enter the covenant path through faith, repentance, baptism, and confirmation as taught in the Holy Bible and the Book of Mormon.

Feno fankasitrahana isika noho ny fitomboana goavana eo amin'ireo izay mamaly fanasana masina sy manova ny fianan'izy ireo ary manaiky ilay fahafahana hanara-dia an'i Jesoa Kristy. Miditra eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana amin'ny alalan'ny finoana, ny fibebahana, ny batisa, ary ny fandraisana ho mpikambana izy ireo, araka ny ampianarina ao amin'ny Baiboly sy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

We cannot underestimate the significance of sacred scriptures both in conversions and in remaining faithful in the gospel. The ancient prophets described in the Book of Mormon knew about the mission of Jesus Christ and taught His gospel. The Book of Mormon helps us draw closer to God as we learn, understand, and apply its teachings.The Prophet Joseph Smith taught, "A man [or woman] would get nearer to God by abiding by [the book's] precepts, than by any other book."

Tsy azontsika atao tsinontsinona ny maha zava-dehibe ny soratra masina eo amin'ny fiovam-po sy ny fijanonana ho mahatoky ao amin'ny filazantsara. Nahafantatra momba ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy sy nampianatra ny filazantsarany ireo mpaminany fahiny voafaritra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ny Bokin'i Môrmôna dia manampy antsika hanakaiky kokoa an' Andriamanitra rehefa mianatra sy mahatakatra ary mampihatra ny fampianarany isika.Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra [ny lehilahy na vehivavy iray] amin'ny fanarahana ny fepetra ao anatin['ilay boky] toy izay ny ao anatin'ny boky hafa."

To know that the Book of Mormon is the word of God, we need to read, ponder, and pray about it and then act according to its precepts. The prophet Moroni promised that God will reveal the truth of the book to us as we pray with a sincere heart, with real intent, and with faith in Christ.Studying the Book of Mormon is essential for enduring conversion.

Mba hahafantarana fa ny Bokin'i Môrmôna dia tenin' Andriamanitra dia mila mamaky sy misaintsaina ary mivavaka momba izany isika, ary manao ireo asa mifanaraka amin'ny fampianarany avy eo.Nampanantena ny mpaminany Môrônia fa hanambara amintsika ny fahamarinan'ny boky Andriamanitra rehefa mivavaka aminy amin-kitsim-po, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy isika.Tena ilaina ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna mba hananana fiovam-po maharitra.

As we contemplate the relationship between

Rehefa mandinika ny fifandraisana misy eo

the Bible and the Book of Mormon as handheld devices, one might ask a question. How useful and complementary do you think two books would be if the Lord declared they would be joined together and "become one in thine hand"? That is what the Lord declared concerning the "stick of Judah," the Bible, and the "stick of Joseph," the Book of Mormon.

In many significant respects, the Book of Mormon provides fundamental doctrine that enhances and builds upon the Bible. The doctrine of the Atonement of Jesus Christ is a profound example.

The Bible provides an accurate account of the mortal ministry of Jesus Christ, including His death and Resurrection. The Book of Mormon is more explicit about the Atonement of Jesus Christ,something prophets explained in detail prior to His death.

The heading toAlma chapter 42reflects the doctrinal significance of the Atonement of Jesus Christ.

It reads: "Mortality is a probationary time to enable man to repent and serve God—The Fall brought temporal and spiritual death upon all mankind—Redemption comes through repentance—God Himself atones for the sins of the world—Mercy is for those who repent—All others are subject to God's justice—Mercy comes because of the Atonement—Only the truly penitent are saved."

President Russell M. Nelson has said, "I promise that as you prayerfully study the Book of Mormonevery day, you will make better decisions—every day." He also promises that if "you daily immerse yourself in the Book of Mormon, you can be immunized against the evils of the day."

As I mentioned, I was impressed with the concept of the original handheld device—a book. However, I recognize the incredible significance of the internet in the world today. One modern handheld device can provide the information that historically has filled a major library. We

amin'ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna amin'ny maha-fitaovana vimbinina azy ireo isika, dia mety hipetraka ny fanontaniana anankiray. Mety hahasoa sy hifameno toy ny ahoana hoy ianao ny boky roa raha toa ny Tompo ka nanambara fa hampifanatonina izy roa" ary "ho iray eny an-tananao"? Izany no nambaran'ny Tompo momba ny "tapa-kazon'i Joda", ny Baiboly, sy ny "tapa-kazon'i Josefa", ny Bokin'i Môrmôna.

Amin'ny lafiny maro ny Bokin'i Môrmôna no manome fotopampianarana fototra izay manamafy sy miorina eo ambonin'ny Baiboly. Ohatra lehibe amin'izany ny fotopampianaran'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Ny Baiboly dia manolotra ny tantara marina momba ny asa fanompon'i Jesoa Kristy teto an-tany, anisan'izany ny fahafatesany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty. Ny Bokin'i Môrmôna dia manazava kokoa momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy,zavatra izay nohazavain'ireo mpaminany tamin'ny antsipiriany talohan'ny nahafatesany.

Mamelabelatra ny lanja ara-potopampianaran'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny lohateny fanolorana nyAlmà toko 42.

Mivaky toy izao izany: "Ny fiainana mety maty dia fotoana fizahan-toetra mba hahafahan'ny olona mibebaka sy manompo an' Andriamanitra—Nitondra ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesana ara-panahy tamin'ny olombelona rehetra ny Fahalavoana—Tonga tamin'ny alalan'ny fibebahana ny fanavotana—Izy Andriamanitra tenany no nanonitra ny fahotan'izao tontolo izao—Ho an'ireo izay mibebaka ny famindram-po—Ny hafa rehetra dia fehezin'ny fitsaran' Andriamanitra—Tonga noho ny Sorompanavotana ny famindram-po—Ny tena mivalo ihany no voavonjy."

Hoy ny Filoha Russell M. Nelson: "Mampanantena anareo aho fa rehefa mandalina ombam-bavaka ny Bokin'i Môrmônaisan'androianareo dia handray fanapahan-kevitra tsara kokoa ianareo,isan'andro". Nampanantena ihany koa izy fa "rehefa mandalina lalina ny Bokin'i Môrmôna ianareo dia ho voaro amin'ireo zavatra ratsy amin'izao vaninandro izao."

Araka ny efa voalazako teo, dia talanjona aho tamin'ilay hevitra hoe ny maodelina finday nisy voalohany—dia ny boky izany. Na izany aza dia ekeko ny lanja lehiben'ny internet eo amin'izao tontolo izao ankehitriny. Ny fitaovana finday maoderina iray dia afaka manome fampahalalana

are grateful to live in such a time as this. I am particularly grateful that it allows sacred books and Church materials to be available digitally. The internet is a powerful tool for studying the gospel.Today, many people share scriptures with friends using technology. TheBook of Mormon app, for example, is a wonderful way to introduce friends to the Book of Mormon and can easily be shared in normal and natural ways wherever you may be.

While the internet provides many blessings, unfortunately, like the written pamphlets critical of the Church I described earlier, it has also been used to create doubt and undermine faith in precious gospel principles. It can be part of the "evils of the day" that President Nelson mentioned.

The adversary and those who assist him, knowingly or unwittingly, have created on the internet the equivalent of the box full of written material critical of the Church I described earlier, intended to draw you away from God's truth.

The issues raised to create doubt over the years have been remarkably similar. This is especially true when you compare our day with the 1960s, when I was in my 20s.

The scriptures teach us to use judgment and be wise in all things. The internet can be used in a positive way or a destructive way.

Both long-term members and those newly studying the gospel need to be intentional about what they view. Do not entertain immoral, dishonest, or unrighteous material. If you do, algorithms can lead you down a path that destroys faith and impairs your eternal progression. You can be acted upon positively or negatively. Seek righteousness and avoid dark internet rabbit holes and doomscrolling.Fill your life with positive, righteous ideas; be joyful; have fun but avoid foolishness. There is a difference. Thethirteenth article of faithis a marvelous guide. Above

izay raha ny tantara no jerena dia ho nameno tranomboky lehibe iray. Feno fankasitrahana isika fa miaina amin'ny andro toy izao mihitsy. Feno fankasitrahana manokana aho fa manome fahafahana ireo boky masina sy lahatsoratry ny Fiangonana ho azo jerena amin'ny endriny nomerika izany. Fitaovana mahery vaika ho an'ny fandalinana ny filazantsara ny internet. Ankehitriny dia olona marobe no mizara ny soratra masina amin'ireo namana amin'ny fampiasana ny teknôlôjia. Ilayapplication Le Livre de Mormonohatra, dia fomba iray mahafinaritra hampahafantarana ireo namana ny Bokin'i Môrmôna ary azo zaraina mora foana amin'ny fomba tsotra sy mandeha ho azy na aiza na aiza mety misy antsika.

Na dia manome fitahiana maro aza ny internet dia indrisy fa ampiasaina ihany koa izany mba hampitsiry ahiahy sy hanamaivana ny finoana ireo fitsipiky ny filazantsara sarobidy, tahaka ireo boky kely an-tsoratra mitsikera ny Fiangonana izay voalazalazako teo. Afaka ny ho isan' "ireo zavatra ratsy amin'izao vaninandro izao" araka ny voalazan'ny Filoha Nelson izany.

Ny fahavalo sy ireo izay manampy azy dia ninia namorona, na namorona tsy nahy, zavatra izay mitovy lenta amin'ilay baoritra feno lahatsoratra mitsikera ny Fiangonana araka ny nofaripaританako teo aloha, nokasaina hanalavirana anao amin'ny fahamarinan' Andriamanitra.

Mahatalanjona ny fitovian'ireo olana napetraka mba hampitsiry ahiahy tao anatin'izay taona maro izay. Miharihary ny fahamarinan'izany rehefa mampitaha ny androntsika amin'ny vanim-potoanan'ny 1960-1970 isika, fony aho nanodidina ny faha 20 taonako.

Mampianatra antsika hampiasa fandanjalanjana sy ho hendry amin'ny zava-drehetra ny soratra masina. Azo ampiasaina amin'ny fomba tsara na amin'ny fomba izay manimba ny internet.

Ireo mpikambana efa tranainy sy ireo izay vao manomboka mandalina ny filazantsara dia mila malina amin'ny zavatra jeren'izy ireo. Aza mieritreritra ny hampiasa zavatra feno fahavetavetana na tsy marin-toetra na tsy marina. Raha manao izany ianao, dia mety hitarika anao hidina makany amin'ny lalana izay mamotika ny finoanao na mampihemotra ny fivoaranao mandrakizay ireo algorithmes. Azo hetsehina ho amin'ny tsara ianao na ho amin'ny ratsy. Katsaho ny fahamarinana ary alaviro ny filofosana diso tafahoatra sy mandoza sy ny fizaham-baovao

all, immerse yourself regularly in the Book of Mormon, which will draw the Spirit into your life and help you discern truth from error.

ratsy sesilany an-jotra.Fenoy foto-kevitra tsara sy marina ny fiainanao, aoka ho feno fifaliana, ankafizo ny fiainana kanefa ialao ny adalana. Misy fahasamihafana. Nyfanekem-pinoana fahatelo ambin'ny folodia torolalana mahatalanjona. Ambonin'izany rehetra izany, milofosa amin'ny fandalinana matetika tsy tapaka ny Bokin'i Môrmôna, izay hitondra ny Fanahy ho eo amin'ny fiainanao ary hanampy anao hanavaka ny fahamarinana amin'ny hadisoana.

My counsel for those who have in any way deviated from the covenant path is to return to the sacred scriptures, prophetic guidance, religious observance in the home, and the music of faith. Every soul is preciousto the Lord.We need you! The Lord needs you, and you need Him! You will always be welcome. During my many years of Church service, I have cherished the wonderful people who returned to the covenant path and then served and blessed everyone they loved or with whom they came in contact.

Ny torohevitro ho an'ireo izay mety ho nivily niala tamin'ny lalan'ny fanekempihavanana dia ny miverina mitodika amin'ny soratra masina, ny fitarihan'ireo mpaminany, ny fiainana ny filazantsara ao an-tokatrano, ary ny hiran'ny finoana. Sarobidy amin' Andriamanitra ny fanahy tsirairay.Mila anao izahay! Mila anao ny Tompo, ary mila Azy ianao! Ho raisina amim-pitiavana hatrany ianao. Nandritra ny taona maro nanompoako tato amin'ny Fiangonana dia nankamamy ireo fotoana izay niverenan'ireo olona teo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana ary avy eo nanompo sy nitahy ireo rehetra izay tiany sy nifanojo taminy aho.

The sacred scriptures and living prophets are a major way a loving Heavenly Father makes His plan of happiness available to all His children.

Ny soratra masina sy ny mpaminany velona dia fitaovana lehibe iray ahafahan'ny Ray any An-danitra be fitiavana manolotra ny drafitry ny fahasambarana ho azo sitrahan'ny zanany rehetra.

I bear my sure witness of the divinity of Jesus Christ and the reality of His Atonement, in the name of Jesus Christ, amen.

Mizara ny fijoroako ho vavolombelona azo antoka ny amin'ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy sy ny amin'ny tena fisian'ny Sorompanavotany aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.